AMBOHIMANGAKELY 4

# RANGAHY NILAZA HO PASITERA, MISOLOKY MAKA ENTANA AMIN'NY MPIVAROTRA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7615 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 12 jolay 2023


MARINA IZANY ! 7

## LASA IZAO !

FANARENANA FANTSONA 3

## NIFAMPITADIAVANA NY RANO



Fantina 2

## TORO-HEVITRA FANALANA MAKAFOKA



NIVOAKA NY DATIM-PIFIDIANANA 7

# NOHAMAFISIN'NY GOVERNEMANTA NY 9 NOVAMBRA SY NY 20 DESAMBRA



HORONANTSARY "NAMPOINA" 2

## HASEHO VOALOHANY ETSY AMIN'NY CANAL OLYMPIA

BAKALOREA 3

## MIHEN-DANJA NY FAHAIZAN'NY ANKIZY

NANIE 2

## TELOPOLO TAONA AN-TSEHATRA HANOLOTRA SEHO GOAVANA



FIROSOANA MANKANY AMIN'NY FIFIDIANANA 7

# NANTSOINA TENY AN-DAPA NY PRAIMINISITRA SY NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA




Nanie

# Telopolo taona an-tsehatra, hanolotra seho goavana

Feno telopolo taona amin'ity taona ity ny nihiran'i Nanie an-tsehatra. Manoloana izay indrindra dia hanolotra seho goavana be ao amin' ny Ccesca Antanimena ny tenany amin'ny alahady 6 aogositra izao. Efa ela moa izy no niketrika ity seho ity ary efa nisy mihitsy ny fifampiresahana nataony tamin' ireo mpankafy azy mba hahafantarana izay hira hohirainy mandritra izany seho izany. Araka izany dia mikendry ny hanao izay



Tsy andriny ny hihaona amin'ireo mpankafy azy.

hahafa-po an'ireo mpankafy azy rehetra mihitsy ny tenany mandritra io fotoana io. Ireto farany rahateo no naha toy izao azy ka rariny raha toa ka homena fahafaham-po araka izay sahaza azy avy. Ao anatin'ny fanomanana tanteraka moa izy amin'izao ary dia mampanantena fa hiavaka io seho io. Marihina moa fa efa elaela no tsy re i Nanie. Nisy fotoana izy no niakatra an-tsehatra nanohana ny antson'i Fanja Andriamanantena, nisy fotoana ihany koa nitety ireo mpankafy tany amin'ny faritra , ary dia izao indray vao ho hita handeha irery an-tsehatra eto Antananarivo. Ireo hirany efa nahalalana azy hatramin'izay ihany no hoentiny amin'ny fomba hafa indray ary dia mety hisy koa ny tsy hampoizina, fa dia isika no asaina ho avy hijery izany. Efa mivoaka amin'izao ny tapakila ary misy karazany telo izay azo isafidianana.

**Tanya.R**

Horonantsary "Nampoina, ny riaka no valamparihiko"

# Aseho voalohany etsy amin'ny "Canal Olympia" amin'ny sabotsy

Haseho voalohany eny amin'ny "Canal Olympia Iarivo" ny horonantsary *"Nampoina, ny riaka no Valamparihiko"* amin'ny sabotsy 15 jolay 2023 ho avy izao. Olona sangany avokoa no namolavola sy niketrika izany horonantsary izany, satria nosoratan'ny Pr Raymond Ranjeva ary notontosain'i Henri Randrianierenana sy i Haingotiana Rasolondraibe. Mila sady omena zavatra matihanina ny Malagasy ka voalaza fa naharitra herintaona sy tapany ny fotoana nanatontosaina izany horonantsary izany. Tsara homarihina fa amin'ny maha tompon'ny horonantsary ny Fikambanana Valamparihy, dia izy




irery ihany no manana ny fahafahana sy ny zo rehetra mikasika ny fampielezana azy ity. Mitantara ny zavanisy fony nitondran'Andrianampoinimerina ity horonantsary ity. Hita ao anatin' izany ny firaisan-tsaina, ny fivadihana, satria noesorina tsy afaka hanjaka ny zanany lahy matoa. Maneho ny fahendren'ny mpanjaka izay nahay nitazona ny fiandrianana rehefa nahay nametraka an'Ikoto na Radama, izay neken'ny rehetra ho mpanjaka masina an-taniny sy manerana an'izao tontolo izao.

**Nath**

Eny amin'ny "Canal Olympia" no fotoana ho an'izay te hanaraka ny tantaran'i Nampoina, ny riaka no valamparihiko.

Le Park Itaosy - "Bar à Livres"

# Hitafatafa momba ny asa soratra sy ny boky i Hobiana

Fotoana iray hihaonan'ny mpanoratra sy ny pôeta ary ny mpankafy mamaky boky ny hetsika Bar à Livres tanterahina isaky ny sabotsy faharon'ny volana, ao amin' ny Park Bemasoandro eny Itaosy. Fa ankoatra izay dia natao hampahafantarana mpanoratra iray sy ny asa sorany, fa eo ihany koa ny ady hevitra misokatra mikasika lohahevitra iray. Ny asabotsy izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro dia Razanajatovo Andriamerina Hobiana, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Hobiana amin'ny maha mpanoratra sy poety azy, no ho vahinin'ny Park Bemasoandro Itaosy-Unis. Lohahevitra entina mana-




marika izany ny hoe "Soratra sy boky : fanoitra ho an'ny fampivoarana". Raha araka ny fanazavan'i Hobiana dia *"Fampivoarana fa tsy fandrosoana, satria ilay filozofia hovoizina dia ilay olona no mivoatra amin'ny lafiny toe-tsaina, fo amam-panahy. Dia any izay vao miteraka fandrosoana. Fizarana traikefa sy fijery no hataoko amin'io. Tokony ho teraka ny ady hevitra"*. Miavaka amin'ny fomba fanoratra izy ary tsy vitsy ireo nananao fikarohana momba ny sanganasany. Amin'ity fotoana ity ihany koa no hampahafantarany ireo boky nosoratany sy niarahany tamin' ny mpanoratra hafa.

**Nahazo loka maro**

Raha tsihivina, maro ny dingana nolalovan'i Hobiana nandritra ny maha mpanoratra sy poeta azy. Maro araka izany ihany koa ireo fifaninanana nataony ary nahazoany loka izany. Anisan'ny nanamarika azy ohatra ny tamin'ny taona 1996 nahazoany ny loka voalohany tamin'ny fifaninanana tononkira fanevan' ny fahazato taonan'ny EKAR Faravohitra "Zato taona Eokaristika", 1997 : "Noely Fihavanana", nahazo ny loka voalohany tamin'ny fifaninanana tononkalo nampanaovin'ny Tranobe Mpitahiry ny Vakoka sy ny Lovantsaina, ny tamin'ny taona 2002 nahazony loka tamin'ny fifaninanana sombintantara "Celestin Andriamanantena", ary ny loka voalohany mikasika ny fifaninanam-pirenena momba ny literatiora malagasy 2022, Sokajy Sombintantara, izay nokarakarain'ny M.S.K ho fanandratana ny haisoratra sy ny mpanoratra. Nisolotena an'i Madagasikara tamin'ny fihaonamben'ny poety avy amin'ny nosy ao amin'ny Ranomasimbe Indiana antsoina ankehitriny hoe : Indianocéanie, nokarakarain'ny "Amis de Lacaussade tao Salazie La Réunion" izy ny taona 2012. Nomen'ny Minisiteran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka ny mariboninahitra "Officier de l'Ordre des Arts, des Lettres et de la Culture" ny taona 2012 ary ny "Commandeur de l'Ordre des Arts, des Lettres et de la Culture ny 2017".

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ndeha hotiavina avokoa ny zavatra atao rehetra, fa ny zavatra izay vita tao anatin'ny fitiavana dia azo ekena ho raitra sy vokatra mahery vaika."

**Ny Vetso (17. 08. 15)**

("Love many things and what is done in love is done well." Vincent Van Gogh)

Fantina

# Torohevitra fanalana makafoka

*Saika manelingelina ny olona rehefa vita fety ilay makafoka. Malemilemy sy malaindaina ary tena kamo hiasa mihitsy izy ireny rehefa tojo izany. Tsy vahaolana araka izany ny misotro toaka (miala vazony), izay mitarika fahamamoana indray. Ankilany, misy fomba azo atao tsara ialana amin'izany.*

Ireto avy ireo zavatra mampakafoka vokatry ny fisotroana alikaola, anisan'izany ny tsy fahampian-drano (déshydratation), tsy fahampiana siramamy (hypoglycémie), tsy fahampian'ny potassium (hypokaliémie), tsy fahampian'ny vitamine B, ary ny faharerahan'ny aty sy ny vavony.

**Ireo torohevitra amin'ny fanalana makafoka**

-***Rano***: Misotro rano telo vera alohan'ny hatory (mamerina ny rano very tamin'ny alikaola).
- ***Lasopy*** legioma na lasopy paty na vary amin'anana: mitondra rano sy sira ho an'ny vatana, mamerina hery (tsara koa ny ron-dRavimbomaga misy patsa). Ao ampiana sakay hanala havizanana tsara.
-***Jus de citron*** na Jus d'orange : mitondra rano ho an'ny vatana sy vitamine C sady mamelombelona aina (ataovy mamy tsara).
-***Tantely*** na coca cola : mamerina ny siramamy sy ny potassium izay mampatanjaka.
-***Voatabia*** : be vitamines sy siramamy ary lycopène (izay tsara ho an'ny aty).
-***Akondro*** : manala ilay mavesatra ao amin'ny vavony sy mitondra potassium ilain'ny vatana hanafaka ny harerahana.
-***Atody***: mitondra vitamine B izay anisan'ny very amin'ny alikaola (lasopy atody, na œuf sur plat, na œuf dur, na omelette, mety daholo).




**PRIERE AU SACRE CŒUR**

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

G CL 570/1-1 12/07/23 NGANE ET FAMILLE




G CL 567/7-3

Fanarenana fantsona vaky

# Nifampitadiavana ny rano teto an-dRenivohitra

*Tsy nampoizin'ny ankamaroan'ny mponina.*

Nisy fahatapahana faobe ny famatsiana teto an-dRenivohitra. Niroso tamin'ny fanamboarana ny fantsona lehibe vaky teny Ambatoroka ny orinasa JIRAMA omaly tontolo andro. Tsy nanam-po ny fahatapahana sy ny asa fanamboarana ny ankamaroan'ny mponina tany amin'ireo toerana 60 voakasika, ka nikoropaka nitady rano eran'ny tanàna. Ireo tokantrano mampiasa vovo no mba nanampy ireo manodidina tra-pahasahiranana. Tapaka sotro fihinana ara-bakiteny ireo mpanao asa an-tsekila, toy ny mpatsaka rano sy ny mpanasa lamba. Nihahaka fotsiny ireo lamba marobe saika nosasana ary nitandahatra niandry ny fiverenan'ny rano ireo "Bidons" marobe. Efa nisy anefa ny fampahafantarana andro maromaro mialoha nataon' ny JIRAMA tamin'ny haino vaky jery. Araka ny voalazan'ny fampahafantarana dia tokony ho tamin'ny 4 ora hariva no niverina tamin'ny laoniny ny famatsiana rano tany amin'ireto faritra ireto raha tamin'ny 9 ora maraina no nanombohana ny asa. Tsy voahaja anefa io fetr'ora io fa mbola nitohy noho ny tsy fahavitan'ny asa natao. Maro ireo mpanjifa sorena sy tezitra vokatr'izany, satria nisy tamin'izy ireo no tsy nanana rano nandrahoana sakafo sy nidiovana intsony. Manampy trotraka ny fahasorenan'ny mpanjifa ny fahatapatahan-jiro lava taorian'ny fiatoana kely nandritra ny fanamarihana ny fetim-pirenena farany teo. Efa nisy ny fampanantenana nomen'ity orinasa ity fa hifaranan'ny delestazy, saingy efa dila io fepotoana io kanefa mbola tsy mivaha ny olana mandraka ankehitriny. Mbola nisy fantsona lehibe vaky narenina koa teny Ampandrianomby, ka niteraka ny fahatapahandrano teny amin'ny faritra manodidina.

**R. Muray**

Seces sampana Antananarivo

# Mitaky ny fialan'ny Praiminisitra, ny minisitry ny Fampianarana ambony ary ny minisitry ny Vola

Nisongadina tamin'ny teboka nambaran'ny Seces sampana Antananarivo nandritra ny fivoriambeny omaly ny fitakian'ity sendikà ity ny "fialan'ny Praiminisitra lehiben'ny Governemanta, ny minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ary ny minisitra vola sy ny toekarena. Ny antony dia tsy nahavita ny andraikiny ireo tomponandraikitra telo ireo. Satria aminay, izay vato manoha riana dia esorina. Ny tena olana anankiray amin'ireo teboka ireo dia ny fitakianay ny ora fanampiny sy ny "vacation" 2018 sy 2019 amin'ireo oniversitempanjakana dimy, izay efa nahazo ny anjaranay amin' ireo dia tsy nanesorana ny IRSA 10 isanjato fa ny eto Antananarivo kosa dia mandeha tsikelikely ny fandoavana an'izany ka misy no efa nahazo ao ireo mbola miandry dia nanesorana an'io 10 isanjato io. Araka izany! tsy ekenay izany ka mahatonga anay mametraka ao anatin'ny "préavis de greve", satria tsy tanteraka ny fandoavana an'ilay ora fanampiny 100 isanjato", hoy ny fanamabaran'ny Seces sampana Antananarivo taorian'ny fivoriambe nataony teny Ankatso. Manaja ny dingana amin'ny firosoana hanao fitokonana ity sendikà ity ka nametraka ny "préavis de grève" 72 ora ary efa naterina any amin'ny tomponandraikitra voakasik' izany. Hanomboka anio alarobia io telo andro nambara etsy aloha io ary mandritra izany dia efa miato tanteraka ny fampianarana rehetra eny amin'ny onivesten'Antananarivo. Aorian'izany dia hiroso amin'ny fitokonana tsy hisy fiafarana ny Seces sampana Antananarivo. Ahiana hitatra manerana ny oniversite rehetra manerana ny nosy ny fampiatoana ny fampianarana rehetra, hoy hatrany ny Seces.

**HAR**

Fako plastika

# Tsy mbola mahalala ny vokadratsy aterany ny ankamaroan'ny olona

Nisy ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana hampidinana ny fiparitahan' ny fako plastika eto amintsika. Anisan'izany ny famoahana lalàna tsy hahafahan'ny olona, mpivarotra, mampiasa karazan-karona plastika. Mipetraka sy nampiharina nandritra ny fotoana vitsy anefa izany dia niverina ho baranahany be indray. Isan-taona, rehefa fotoam-pahavaratra, iarahan'ny rehetra mahita ny tondra-drano misy, ka anisan'ny mitondra faisana amin'izany ny faritra iva. Tsentsin'ny fako plastika, toy ny harona sy tavoahangy, ny lakan-drano rehetra. Ny tena loza, anisan'ny akora tsy mety simba na lo mandrakizay ny plastika. Manimba ny tany izy noho izany ary raha dorana dia hisy voka-dratsy amin'ny loton'ny rivotra. Araka ny fanazavan'ny Tsenaow. Iray amin'ireo fikambanana miezaka manamboatra vahaolana tsy hanariana fako plastika izy ireo. Mbola tsy ampy eto amintsika ny ezaka fanentanana momba ny fandotoana plastika, ny mpanjifa ihany koa tsy mahafantatra ny voka-dratsin'ny plastika amin'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana. Ny fonontsakafo no tena betsaka hita eny amin'ny fitoeram-pako eny rehetra eny sy miparitaka. *"Miady amin'ny fako plastika izahay ary manamboatra na manodina vokatra mampihena ny fandotoana plastika, izay vokarin'ny tsirairay. Vokatra ampiasain'ny mpanjifa amin'ny fiainana andavanandro tsy misy fako plastika, ka anisan'izany ny savony, dentifrice, ranomanitra sy ny maro hafa. Misy koa ny vokatra averina ampiasaina maharitra aman-taona"*, hoy ny tomponandraikitra iray ao amin'ny Tsenaow. Raha tsy misy fiovana dia hisy fiantraikany amin'ny fahasalamana ireny fako ireny, satria ny plastika dia fako tsy mety levona, maharitra an-jato taonany, avy eo mivadika ho "microplastique" ary miafara any anaty ny rano sotroina, ny tany fambolena, ny rivotra iainana sy ny maro hafa.

**Nangonin'i Nath**

Andro manerantany ho an'ny mponina

# Hohenoina ny hevitry ny vehivavy sy ny ankizivavy hanjakan'ny fahalalahana

Nankalaza ny 11 jolay 2023, andro manerantany ho an'ny mponina, isika eto Madagasikara. Teny Ambohidratrimo no nanaovana ny fankalazana nasionaly ka nambaran'ny Minisitra Soafilira Princia tamin'izany fa *"hohenoina ny hevitry ny vehivavy sy ny ankizivavy hanjakan'ny fahalalahana manerantany. Miavaka izany raha oharina tamin'ny isan-taona, satria mifantoka tanteraka amin'ny miralenta isika amin'ity taona 2023 ity. Nosinganina manokana amin'izany ny fanomezana fahafahana ny vehivavy sy ny ankizivavy haneho ny heviny. Tsy azo hadinoina fa ny vehivavy no mandrafitra ny 51 isanjaton'ny mponina eto Madagasikara. Ny fampivondronana ny hery no fomba ahafahana mitondra fampandrosoana ho an'ity firenentsika ity. Noho izany dia ilaina ny hamelana ireo mponina tsy ankanavaka handray andraikitra amin'izay fampandrosoana azony entina hanatsarana ny fiarahamonina. Mifandray tanteraka amin'ny velirano fahavalon'ny Filohan'ny Repoblika Andry Nirina Rajoelina rahateo izany raha ny lalàna velona eto Madagasikara no jerena dia ny manome ny fahalalahana sy ny fampitovian-jo ny mponina rehetra. Izay tsy mahay sobika, mahay fatam-bary: mifameno isika ka handeha hifanome tanana, hanao sosoroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra ho fampandrosoana an'ity Madagasikara malalantsika ity"*, hoy izy. Lohahevitry ny taom-pankalazana tamin'ity ny hoe: fanalalahana ny fahefana ho miralenta ny lahy sy ny vavy.

**Heriniaina A.**

Bakalorea

# Mihen-danja ny fahaizan'ny ankizy

Herinandro sisa dia higadona ny fotoana hanantanterahana ny fanadinam-panjakana Bakalorea manerana ny Nosy. Ao anatin'ny fanazarana sy famerenana farany ny rehetra amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavandRasolinatovoniaina Zo, mpampianatra taranja tantara sy jeografia. *"Nihen-danja ny fahaizan'ny ankizy amin'izao fotoana izao. Lasa kamo mianatra lesona ny ankamaroany kanefa raha ny tantara sy jeografia dia lesona ranoray. Tsy mahay mampifandray ihany koa fa zatra mamantambonona ary kamo ampiasa saina. Lava loatra anefa ny lesona ka tena ilaina ilay fahaizana mianatra, tsy voatery hatao tsianjery daholo izy rehetra. Izay ilay mila mahay mianatra."* Mba ho fanampiana ireo mpianatra haka bakalorea, misy ny faradoboka tantara sy jeografia hotanterahina etsy amin'ny Rasalama rahampitso alakamisy. "Famerenana farany ny taranja tantara sy jeografia no atao alohan'ny hiatrehana ny bakalorea. Hotanterahina ny maraina manomboka amin'ny 7 ora hatramin'ny 11 ora ho an'ireo TA/ TC/ TD ary hanomboka amin'ny 1 ora sasany hatramin'ny 4 ora sasany ho an'ny TL/TS/T OSE. Maro ireo fikafika hatoro an'ireo mpianatra hahafahana miatrika ampitoniana ny fanadinana, ireo tsara ho fantatra hitadidiana daty izay maro dia maro tokoa ao anatin'ny lesona tantara sy jeografia, ary indrindra ny hifehezana ny fotoana. Ny ankamaroan'ny taranja atao amin'ny bakalorea hatahoran'ny mpianatra daholo indrindra ny matematika , fizika simia ary ny tantara sy jeografia.

**Nath**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 591/20-11)

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-2)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-6)

* Cours de musique : Piano, clavier, guitare. Accéléré à domicile. 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 602/7-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-6)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 601/6-2)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, raclage, bacs à graisse. Tél : 038.42.629.39. (G-BA 577/14-3)

* Vidange wc fosse septique, wc perdu, puisard, pompage, Makiplast, réparation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 582/5-3)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 594/16-7)

Ambohimangakely

# Rangahy nilaza ho pasitera misoloky maka entana amin'ny mpivarotra


Ilay rangahy!

Tena tsy fantatra mihitsy raha ny endrika ivelany, satria mianjaika be, manao arovava orona ary tsy misaraka amin'ny baiboly ity rangahy ity. Mitonona ho pasitera izy ka mitory teny eny an-tsena rehetra eny. Fomba entiny anaovany ny asa ratsiny fotsiny anefa izany, satria rehefa lemeny amin'ny toriteny eo ireo mpivarotra dia hakany entana amin'izay. Olona maro no efa lasibatra tamin' izany ka nametraka fitarainana tany amin'ny mpitandro filaminana. Ireo mpivaro-kenan-kisoa, henan' omby ary henan'akoho no tena ataony lasibatra amin' izany. Rehefa vita ny toriteny ataony dia maka hena milanja telopolo hatramin'ny dimampolo kilao amin'ireo mpivaro-kena izy, ary lazainy fa hanaovana ny asan' Andriamanitra. Tsy tonga dia mandoa vola anefa izy fa ataony trosa ka omeny laharana finday mihitsy ireo mpivarotra mba hahatokisan'ireo azy. Rehefa azony anefa ny entana dia any izy ary tsy miverina intsony. Antsoina ny lahara-pinday omeny kanefa laharana tsy misy akory. Teo vao taitra ireo mpivarotra fa toa mampiahiahy ilay pasitera.

**Voasambotra**

Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana teny Ambohimangakely momba ity rangahy ity. Rehefa natao ny fikarohana sy ny vela-pandrika dia voasambotra teny Andravoahangy izy ny alatsinainy teo. Mbola nahatratrarana henan'akoho milanja telopolo kilao an'olona voafitany teny Itaosy tany aminy tamin'io. Nandritra ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa efa nanao ny asan'ny pasitera tamin' ny fiangonana zandriny tany Foulpointe tokoa izy saingy efa voaroaka ka izao lasa nanita-kevitra hafa izao. Toerana maro no efa fanaovany ny asa ratsiny, toy ny teny Ambohimangakely, Ambatomirahavavy, Imerintsiatosika, Itaosy, Ampitatafika, Fenoarivo, Arivonimamo, Andoharanofotsy, Ambanitsena, 67Ha. Ireo mpivarotra hena hatrany no tena ataony lasibatra.

R.C

Toliara

# Vehivavy maty voatifitry ny mpitandro filaminana tao anaty sakoroka ady tany

Nisavorovoro ny vahoaka tao amin'ny fokontany Ambolofoty, kaominina Betsinjaka, distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana. Raharaha ady tany no niatombohan'ny korontana ary nisy ny fifampikasihantanana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany. Voatery niditra an-tsehatra ny mpitandro filamianana hisambotra izay nahiana ho nahavanona ilay fandratrana, saingy zava-doza no niafaran'ny tranga. Raikitra ny korontana tamin'io fotoana io. Vokany, vehivavy iray sahabo ho 17 taona no namoy ny ainy voatifitra nandritra ny savorovoro ary olona 2 hafa naratra mafy, izay samy efa nandray fitsaboana any amin'ny hopitaly "clinique Saint Luc" Andabizy, amin'izao. Ankoatra izay dia nisy polisy anankiray ihany koa naratra. Araka ny heno aza saingy mbola tsy nahazoana fanazavana avy amin'ny tomponandraikitra dia voalaza fa very nandritra io sakoroka io ny basy nampiasain'ity polisy naratra ity. Hatreto, araka ny fanampim-baovao voaray hatrany, dia misy ny fifampiresahana atao any an-toerana manoloana ity fifanjevoana ity. Andrasana ny mety ho tohiny.

Ariel D.

Faratsiho

# Roa lahy tratra nangalatra niharan'ny fitsaram-bahoaka



Ireo roa lahy voasambotra !

Teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy ireto mpirahalahy ireto no tra-tehaka ka tsy namelan'ny fokonolona fa tonga dia nosamboriny. Araka ny fanazavana dia namaky tranon'olona ary nangalatra vary akotry tamin'ny gony tao Belanitra, kaominina Antsampanimahazo, distrikan'i Faratsiho, ny alatsinainy lasa teo, izy ireo. Avy hatrany dia nataon'ny olona fitsarambahoaka teo izy roa lahy. Rehefa nodarohina dia namboarin'ny olona nataony nitovy tsara mihitsy ny endrik'izy ireo sady nohosorany fotaka ka saika lasa ohatra ny kambana. Nampilanjaina azy ireo ihany koa ny vary tamin'ny gony avy nangalariny. Taorian'izany vao niantsoany ny mpitandro filaminana. Tonga tany an-toerana naka azy ireo ny zandary. Nentina natao famotorana izy roa lahy ary efa mandeha ny fanadihadiana. Mbola mampahatsiahy hatrany ny zandary fa voararan'ny lalàna ny fanaovana fitsaram-bahoaka.

R.C

Toamasina

# Jiolahy roa maty voatifitra, 4 hafa voasambotra

Nirefotra ny basy tany Toamasina afakomaly. Nisy mantsy ny fifampitifirana teo amin'ireo jiolahy sy ny mpitandro filaminana. Vokany: roa tamin'ireo olon-dratsy no maty voatifitry ny polisy ary efatra kosa voasambotra. Nahazo loharanombaovao ny polisy mikasika ny fisian'ireo jiolahy mpanao fanafihana sy mpangalatra môtô any an-toerana ka vantany vao naheno izany izy ireo dia nanao fidinana ifotony. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpitandro filaminana dia tsy nanaiky lembenana ireo jiolahy ka nisy ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ka io nitarika fahafatesan'ny jiolahy roa io. Dia voasambotra ihany koa moa ireo efatra namany izay vehivavy ny iray amin'izy ireo. Araka ny fanazavana dia jiolahy raindahiny ry zalahy ireto.

**Tompon'antoka**

Fantatra fa izy ireo no tompon'antoka tamin'ny fanafihana niseho tao Bazary kely Toamasina ny zoma lasa teo. Very nandritra izany ny vola mitentina 8 tapitrisa ariary sy finday iray. Tratra tany amin'ny iray amin'ireto voasambotra ireto moa io finday io. Nisy ihany koa ny fisavana ny tranon'izy ireo ka môtô halatra roa no tratra tao izay efa noravan-dry zalahy. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy efatra mianadahy voasambotra ka nandritra ny famotorana natao azy ireo no nahalalana fa efa mpamerin-keloka amin'ny fanafihana mitam-piadiana avokoa izy ireo. Fantatra ihany koa fa mbola misy naman'izy ireo roa miaraka manao ilay asa ratsy izay mbola tsy voasambotra. Mitohy ny fikarohana.

T.H

Antsiranana

# Lehilahy sady mitsindrona no mivarotra héroïne

Lehilahy 22 taona fantatra fa mitsindrona sady mivarotra héroïne no tra-tehaky ny polisy tany Bazary kely Antsiranana, afakomaly tokony ho tamin'ny 1ora antoandro. Malaza amin'ny fanaparitahana zava-mahadomelina ao amin'ny tanàna iray ity lehilahy ity. Noho izany dia nanao fitarainana tany amin'ny polisy ny mponina ka nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana. Nisy ny fikarohana ka io voasambotra io ity lehilahy ity. Nahitana fitaovana vitsivitsy tany aminy nandritra ny fisamborana. Nisy ihany koa ny fisavana natao tany an-tranony ka nahatratrarana fitaovana ahafahana mitsindrona héroïne tao. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian' izay ka nandritra ny famotorana natao taminy no voalaza fa niaiky ralehilahy fa sady mitsindrona no mivarotra rongony mahery vaika.

T.H

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 174 - 06 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Lasopy akoho sy katsaka

**Zavatra ilaina:** akoho gasy 1, katsaka efa masaka 3 sotro lehibe, tongolo be 2, tongolo gasy 6, dità, persily, rano, ronono ½ kopy, lafarina 1 sotro lehibe, atody 1, dibera, sira sy dipoavatra

**Fanaovana azy:** Teteho ny akoho ary torak'izay koa ny tongolo be sy ny tongolo gasy. Diovy tsara ny persily dia teteho madinika. Atsonika anaty vilany ny dibera dia endaso ao ny akoho, ny tongolo be, persily, dità, ary katsaka. Aza hadinoina ny manisy rano, sira sy dipoavatra. Andrahoy kely 5 mn rehefa avy mendy. Etsy an-kilany, ataovy anaty rano ny lafarina dia arotsahy anaty vilany. Rehefa mifangaro tsara dia azo aroso mafana.

**MANAL'AZY DE MI'MEME**



## Sarisary zary tenany

**Saika maty**




## Hatsikana an-tsary

**Hao maty**




## Masoandro Miposaka

**Deoteronomia 7 : 6**

6 Fa firenena masina ho an'i Jehovah Andriamanitrao ianao; fa ianao efa nofidin'i Jehovah Andriamanitrao ho firenena rakitra soa ho Azy mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin'ny tany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Noho Ianao...




## Ohabolana



**Tiatia ny takona, ka diso lasa avaratry ny fasana.**

Aimer à se cacher et manquer. (c.à.d ne pas avoir) le terrain qui est au nord du tombeau(endroit honorable et recherché).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2995**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | | 9 | 5 | | | | 2 | |
| | | | | | | | 1 | |
| | 3 | 5 | | | 9 | | | 6 |
| | | | | | | | | |
| | | | | 3 | | | 7 | |
| 5 | | 1 | 2 | | | 8 | | |
| 2 | | | | 6 | | 3 | | |
| 8 | | | | | | | | 5 |
| 4 | | | | | 3 | | | |

Valin'ny laharana **2994**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 2 | 9 | [illegible] | [illegible] | [illegible] | [illegible] | [illegible] | 4 |
| 1 | 3 | 5 | 9 | 4 | 7 | 6 | 8 | 2 |
| 8 | 7 | 4 | 6 | 5 | 2 | 9 | 1 | 3 |
| 5 | 4 | 1 | 8 | 9 | 6 | 2 | 3 | 7 |
| 3 | 9 | 7 | 5 | 2 | 4 | 1 | 6 | 8 |
| 2 | 8 | 6 | 3 | 7 | 1 | 5 | 4 | 9 |
| 9 | 1 | 2 | 4 | 8 | 5 | 3 | 7 | 6 |
| 4 | 5 | 3 | 7 | 6 | 9 | 8 | 2 | 1 |
| 7 | 6 | 8 | 2 | 1 | 3 | 4 | 9 | 5 |

Nivoaka ny datim-pifidianana

# Nohamafisin'ny governemanta ny 9 novambra sy ny 20 desambra

*Tapitra hatreo ny tetika kendren'ny mpanao politika sasany hametrahana miaraka ny rafitra hanomana ny fifidianana. Nivoaka omaly ny didim-panjakana fanaikana ny mpifidy handatsa-bato.*

Roso ary ny fifidianana ka tsy mipody koa ! Nifantoka tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra manodidina ny fifidianana izay ho filoham-pirenena manaraka ny Filankevitry ny Governemanta notanterahina teny Mahazoarivo, omaly. Nambaran'ny Praiminisitra Ntsay Christian tamin'ny fomba ofisialy taorian'izany ny daty hanatanterahana ny latsabato hifidianan'ny Malagasy indray izay hitantana an'i Madagasikara mandritra ny dimy taona manaraka. Tsikaritra tamin'izany fa notazomin'ny andrimpanjakana mpanatanteraka ihany ny datin'ny 09 novambra hanaovana ny fihodinana voalohany sy ny datin' ny 20 desambra ho an'ny fihodinana faharoa, araka tetiandro naroson'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Tsy noraharahain'ny governemanta kosa ny soso-kevitry ny mpanao politika sy firaisamonim-pirenena sasany mikasika ny hoe tokony ho main-tany fa tsy fotoam-pahavaratra no hanataterahana ny fifidianana eto amintsika. Etsy andanin'izany, tsy niandry ela fa omaly ihany dia nisy ny hafatra avy amin'ny Praiminisitra ho an'ny mpanao politika sy ny vahoaka malagasy mandra-pahatonga izany androm-pifidianana izany.

**Hanomboka ny hazakazaka**

"*Porofo ny fanapahan-kevitra noraisin'ny filankevitry ny governemanta androany talata 11 jolay fa vonona hiroso amin'ny fifidianana ary mandala ny demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna ny mpitondra fanjakana. Ankehitriny, misaotra ny vahoaka malagasy tsy nitsahatra nitandro ny fihavanana sy ny fitoniana hatrany izahay mpikamban' ny governemanta. Ho an'ny mpanao politika kosa, mampirisika anareo izahay mba hiezaka hatrany hitandro izany fihavanana sy fifanajana izany, indrindra amin'izao volana vitsivitsy mialoha ny hiatrehantsika ny fifidianana hahazoana filoham-pirenena vaovao izao*", hoy ny Praiminisitra tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tapitra hatreo ny tetika kendren'ny mpanao politika sasany hametrahana miaraka ny rafitra hanomana ny fifidianana, mba tsy hilazana hoe tetezamita. Hanomboka kosa, etsy andanin' izany, ny hazakazaka haka ny toerana eny lavoloha ary hitodika any amin'ny resaka fifidianana ny mason'ny rehetra.

Mamy R.

## Marina izany !

### Lasa izao !

**Nohamafisin'ny andrimpanjakana mpanatantertaka izany ny tolo-kevitry ny datin'ny 9 nôvambra hanatanterahana ny fifidianana, naroson'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana. Nivoaka omaly mantsy ny didim-panjakana, noraisina teo anivon'ny filankevitry ny governemanta, manaika ny mpifidy handatsa-bato. Voahaja hatreto ny 90 andro farafahatarany, alohan'ny datim-pifidianana tsy maintsy hamoahana io didim-panjakana io, araka ny lalàna. Ny dikany, lasa izao ! Vaovao tsara ho an'ireo sokajin-kery nitaky hatrany ny hirosoana amin'ny latsa-bato, toy ny antoko Tiako i Madagasikara sy ny Malagasy Miara-Miainga. Vaovao ratsy kosa ho an'ireo ampahany nitaky ny hananganana governemanta hiaraha-mitantana, hametrahana miaraka ny rafitra sy ny pitsopitsony hanomana ny fifidianana. Manoloana izany, heverina fa hiezaka hampitovy tadindokanga ny antoko pôlitika, araka ny foto-kevitra ijoroany avy. Hametra-pialàna izany ny filohan'ny Repoblika afaka 60 andro, araka ny ambaran'ny anidininy faha-46 amin'ny lalam-panorenana, raha toa ka ho isan'ny mpifaninana amin'ny 9 nôvambra? Amin'izay fotoana izay dia ny filohan'ny Antenimierandoholona no hitantana vonjimaika ny firenena, araka ny ambaran'io andinin-dalàna voalaza eo ambony io ihany. Raha tsy ho kandidà kosa ny filohan'ny Repoblika dia afaka manohy ny andraikiny mandra-pahatafapetraky ny filoha vaovao voafidim-bahoaka. Manomboka eto, hifampitazana sy hifanara-maso amin'izay izany ny mpitondra sy ny mpanohitra. Iza no manaja lalàna ary iza no mandika lalàna? Mbola samy hanohy ny fitsidihamparitra efa natomboka izay kilasian'ny maro ho fanaovana fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana ve?**

Voahangy Rakotozafy

Hajo Andrianainarivelo tany SAVA

# Nitondra vahaolana ho an'ny fihariana lavanila




Ny Filohan'ny antoko MMM nanazava hevitra tao Sambava.

Manatanteraka fidinana ifotony any amin'ny faritra SAVA ankehitriny ny antoko Malagasy Miara-Miainga. Mitarika izany any antoerana ny filoha nasionaly Atoa Hajo Andrianainarivelo. Misy ny fihainoany ireo olana maharary ny vahoaka. Ho an'ny tao amin'ny distrikan'i Sambava dia ny resaka lavanila no nibahantoerana tamin'ny fidinana ifotony nataony. Nambaran' ny Filoha nasionalin'ny antoko MMM tamin'izany fa tsy tonga amin'izao fahasahiranana lalina izao ny sehapihariana lavanila raha nampihatra ny fitsinjarampahefana ny mpitondra. Tsy nijery fotsiny ny zava-misy moa ny tenany fa nitondra vahaolana ihany koa. Isan'ny soso-kevitra nentiny ny tokony nihainoana ireo mpisehatra rehetra tamin' izany ka nohalalahana ny lalam-pihariana lavanila, notohanana ny tantsaha, mba nampiroborobo ity sehatra ity sy ireo fihariana maro hafa. Nivohitra moa ireo rehetra ireo nandritra ny fivoriana narahina adihevitra niarahany tamin'ireo mponina tany an-toerana. « *Noho ny tsy fahaizamitantana, ny fanaovana bemarenina ary ny teny midina no isan'ny nahatonga ny firenena amin'izao toerana misy azy izao. Ohatra amin'izany ny sehapihariana lavanila izay nitotongana tanteraka ny vidiny tato anatin'ny efa-taona farany* », hoy Atoa Hajo Andrianainarivelo. Nohamafisiny fa tsy tenenina fotsiny fa ilana fampiharana sy fahaiza-manao ny fitsinjaram-pahefana hiteraka fampandrosoana ho an'ny firenena. "*Omena fahefana sy fahatokisana ny eny ifotony, tolorana ireo fitaovana hanatanterahana asa mamaly ny filàn'ny vahoaka* » hoy ihany izy. Fotoana moa ny toy izao nitondrana ny ny foto-kevitry ny antoko MMM, izay mifototra amin'ny fitsinjarampahefana sy ny fifanakalozan-kevitra.

JUDD

Firosoana mankany amin'ny fifidianana

# Nantsoina teny an-dapa ny praiminisitra sy ny filohan' ny Antenimierandoholona

Efa nampoizina ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpitondra, hiroso amin'ny fifidianana na dia mbola tsy fantatra mazava aza ny fotoana hamoahan'ny filankevitry ny gouvernementa amin'ny fomba ofisialy ny daty. Nahazoambaovao marim-pototra mantsy fa nantsoina teny amin'ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra, tamin'ny herinandro lasa teo, ny praiminisitra Ntsay Christian sy ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa ary niresaka mivantana tamin'ny filoham-pirenena. Ny azo ambara, na dia tsy nisy nipika aza ny dinika, dia anisan'ny noresahina ny fanomanana sy ny firosoana mankany amin'ny fifidianana. Manamafy izany rahateo ny valandresaka nataon'ny lehiben'ny governemanta, teny amin'ny lapam-panjakana Mahazoarivo, omaly nanambara amin'ny fomba ôfisialy ny datim-pifidianana. Manoloana ny fiantsoana, maro ny mpanara-baovao no namisavisa ny amin'ny hoe : ny laharana voalohan'i Mahazoarivo ve izany no ho eny Anosikely ? Tsiahivina fa anarana roa hatrany no nandehandeha fa mety hisolo ny filohan'ny Antenimierandoholona, rehefa hametra-pialana ny filoha ary anisan'ny voatonona ny Praiminisitra. Andrasana izay ho tohiny.

V.R.



Ny praiminisitra Ntsay Christian.


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Lalaon'ny Nosy 2023

# Manampahaizana sinoa 6 mianadahy hampiofana eto



Nandritra ny fampahafantarana ireo manam-pahaizana vahiny sinoa hampiofana eto. (Sary : Princy)

43 andro sisa dia higadona ny Lalaon'ny Nosy, hatao eto amintsika. Mihazakazaka ny fotoana, miezaka ihany koa anefa ny fitondram-panjakana manao izay fara heriny, indrindra eo amin'ny fikarakarana ny atleta. Anisan'izany ny fandefasana atleta niofana tany Sina, izay naharitra 4 volana. Tsy nijanona tamin' izany fa mbola nanafatra mpampiofana sinoa eto indray izy ireo, hampiofana ny atleta malagasy, mandrapahatongan'ny Lalaon'ny Nosy. 6 mianadahy izy ireo, ka hampiofana amin'ny taranjam-panatanjahantena 4, ahitana ny fibatana fonjamby, "tennis de table", "badminton" ary ny atletisma. Nambaran'ny minisitra André Haja Resampa, omaly tetsy amin'ny kianjan' ny Barea, fa hampiofana ny atelta malagasy izy ireto. Rahafakampitso no hanomboka izany. Efa hatramin'ny ela, hoy izy, no nifampiresaka tamin'ny federasiona ny Minisitera. Tsy miandriandry izahay ary tsy ho ela dia hanomboka ny fampivondronana iarahana amin'ny minisitera. Mahakasika ireo fotodrafitrasa handraisana ny lalao indray, nanome toky Ingahy Minisitra fa alohan'ny hisokafan'ny lalao dia ho vita daholo izany. Tanjona ary manantena ny tenako fa hibata ny laharana voalohany i Madagasikara mandritra ity andiany faha-11 ity. Fantatra fa mbola hisy manampahaizana vahiny hafa ho avy eto amintsika, hampiofana an'ireo atleta amin'ny taranja hafa. Tonga teny an-toerana ny "chargé d'affaires" ny ambasadin'i Sina, izay nilaza fa tafiditra anatin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta izao.

**Rabenaivo**

Kitra - Fenolahy Zénith

# Mbola mampiteny ny anarany atsy Seychelles



Tsy sakana ho azy amin'ny filalaovam-baolina ny fisian'ny zanany vavy !

Taorian'ny nampiasany ny talentany tao amin'ny klioban' ny AJESAIA ka nifindrany lasy tatsy Seychelles, dia tsy nandrenesam-peo no sady tsy nantsoina hanatevin-daharana ny ekipam-pirenena intsony ireo mpilalao mila ravinahitra ao amin'io nosy rahavavy io, izay tsy itovizany amin'ireo rahalahiny any La Réunion. Voalaza moa fa ny antony tsy niantsoana an'ireny mpilalao ireny, toy ny ao Maorisy ihany koa, dia tsy mandresy lahatra ny tekinisianin'ny federasionina ny lentan'ny baolina kitra any amin'ireo nosy ireo. Hofantarintsika etoana ny anankiray amin'ireo mpilalao, izay manana ny lazany sy ny fahaiza-manaony ary mbola mampiteny ny anarany tokoa atsy Seychelles amin'izao fotoana izao. Tsy iza izany fa i Fenolahy Zénith, 32 taona amin'ity 2023 ity, nitana ny elatra havian'ny AJESAIA, ary azo lazaina fa nahasolo ny toeran'i Lalaina Nomenjanahary "Bolida" tao amin'io toerana io, fony izy mbola nilalao tao amin'ny ekipan'i Tanikatsaka Itaosy. Manana toe-batana tsara i Zénith no sady matanjaka, mahavita miaka-midina, manampy ny lohalaharana mpanafika, na dia ao amin'ny fiarovan-tena aza ny toerana misy azy. Fony izy mbola teto Madagasikara dia efa nantsoina niaro ny voninahi-pirenena tao anatin'ny ekipa nasionaly. Tamin'ny taona 2018 – 2019 no nilalaovany tao anatin'ny Cote d'Or FC, niaraka tamin-dry Voavy Kassah sy Faralahy rahalahiny, niara-notezaina taminy fahiny tao amin'ny AJESAIA, ka naha voahosotra azy ho tompondakan'ity firenena ity. Amin'izao fotoana izao i Zénith, dia miaraka milalao amin'i Christophe (ex-Academie Ny Antsika Antsirabe) sy Tahiana (ex-Net Foot Antananarivo). Napetraky ny mpanazatra ao amin'ny vodilaharana afovoany izy, kanefa mbola mandray andraikitra ihany koa amin'ny vodilaharana havia.

**aris rafaly**

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FIOFANANA ARA-PEDAGOJIA

*MIAINGA AMIN'NY FAHAFANTARANA NY FILÀNA ENY IFOTONY NY FAMPIOFANANA MPAMPIANATRA*

***Ho fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana araka ny velirano faha-4 nataon'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA dia maro ireo ezaka efa vita teo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena tarihin-dramatoa Marie Michelle SAHONDRARIMALALA niaraka tamin'ireo mpanohana sy ireo mpiara-miombon'antoka.***

Nisy ny ambaratongan'asa efa natrehan'ny foibem-pitondrana maro samihafa ary anisan'ny nandray anjara mavitrika tamin'ny fanatrarana izany tanjona izany ny teo anivon'ny foibem-pitondrana misahana ny fampiofanana ara-pedagojia ao amin'ny Minisitera foibe. Mifantoka kokoa tamin'ny fandrindrana ny asa sy ny famolavolana ny paikady entina manantanteraka ny tanjona ireo mpisehatra eo anivon'io foibem-pitondrana io. Noho ny andraikitra voalohany napetraka ho sahaniny dia nijery manokana ny fomba hahazoan'ireo mpampianatra sy ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny fanabeazana ny fahaiza-manao ara-pedagojika izay entiny manatanteraka ny asa masina hatrehan'izy ireo. Niarahan'ny foibem-pitondrana misahana ny fiofanana ara-pedagojia tamin'ny famatsiam-bolan'ny teti-bola iombonana ho an'ny fanabeazana na « Fond Commun pour l'Education » (FCE) ny famolavolana ny paikady hamaritana ny filàna ara-piofanan'ireo mpampianatra eny ifotony amin'ny alalan'ny rafi-tsary ara-jeografika (cartographie de formation).



Izany dia natomboka tamin'ny « angona faobe » mikasika ny toeram-pampianarana manerana ny Nosy. Ny vina natao ho fanatanterahana izany dia ny fidinana ifotony teny anivon'ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena miisa 23 sy ny fari-piadidiam-pampianarana miisa 114 nandritra ny telo volana (may hatramin'ny jolay 2022). Tontosa tamin'izany ny sivifolo isan-jaton'ny (90%) asa ary namarana izany ny teo anivon'ny fari-piadidiam-pampianarana miisa 9 teto amin'ny foibem-pitondram-paritry ny fanabeazam-pirenena Analamanga, ny mpisehatra eo anivon'ny foibem-pitondrana misahana ny fiofanana ara-pedagojia ny alatsinainy 12 jona hatramin'ny zoma 16 jona 2023. Marihina moa fa eo an-dalam-pandinihana ny antontan'isa voaangona tamin'izany ny eo anivon'ny Foibem-pitondrana misahana ny fiofanana ara-pedagojia, ary efa manomana sahady ny tetikasa manaraka mba hamoahana ny rafi-tsary ara-piofanana ananan'ireo mpampianatra eny ifotony, ary hahafahana mamolavola ny fampiofanana ho azy ireo indray, mba ho fampiakarana ny lentan'ny fahaiza-manaon'izy ireo.




Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia mampahafantatra antsika fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny pejy Facebook **"Mi@natra"**, izay loharano fanovozam-pahalalana amin'ny sehatry ny fanabeazana.

**Manasa antsika hitsidika ny pejy Facebook.**

Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenana Ofisialy

mi@natra

G CL 406/31-24